

Andro fiandrasana, fiomanana amin’ny fiavian’ny mpanjaka lehibe na olona manam-boninahitra no hevitrin’ny teny hoe “Advento”. Ny Alahady efatra mialoha ny Krismasy no marihin’ny Fiangonana ho litorjia ny Advento izay iandrandrana fatratra ny fahatongavan’ny Krismasy, fahatsiarovana ny nahatongavan’llay Mpanjaka lehibe, dia Jesosy.

Zava-dehibe tokony tsy hohadinontsika anefa, fa ny advento dia tena mampatsiahy antsika kristiana koa fa Jesosy dia mbola hiverina indray ary tokony hiomana mandrakariva isika. Hoy J esosy:
**”…raha avy ny Zanak'olona, moa hahita finoana ety ambonin'ny tany va Izy?”(Lioka 18:8)**

Noho izany dia tokony hiomana tokoa isika amin’ny fihavian’i Jesosy. Ho vonona mandrakariva, tahaka ireo virjina dimy hendry, niambina ka naharitra mandra-pihavian’ny mpampakatra. Eo anatrehan’izany dia tokony olona manao ahoana isika ? sao mandeha araka ny fanaon’izao tontolo izao, na variana amin’ity tany ity sy ny filany.

Koa ankehitriny dia mampiomana anao Jesosy amin’ny izao Advento izao, mba hiambenanao amin’ny fihaviany indray. Hoy Jesosy:
**“Miambena ka ka mivavaha mandrakariva, mba hahery hianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan'ny Zanak'olona”(Lioka 21:36).**